**PERIKOPA ALAHADY 30 Aogositra 2026**
**(Péricope du Dimanche 30 Aout 2026**

**Salamo / Psaume 63**
**Jeremia / Jérémie 20 : 7 - 9**
**Romana / Romains 12 : 1 - 2**
**Matio / Matthieu 16 : 21 – 27**

| « … Raha misy olona ta hanaraka Ahy dia aoka izy handa ny tenany sy hitondra ny hazofijaliany ka hanaraka Ahy. » Matio 16.24*b* | « … Si quelqu'un veut venir avec moi, il ne doit plus penser à lui-même. Il doit porter sa croix et me suivre. » Matthieu 16.24*b* |
|---|---|

## SALAMO 63 (MRV)

1 Andriamanitra ô, Andriamanitro Ianao; mitady Anao fatratra aho, mangetaheta Anao ny fanahiko, maniry Anao ny nofoko, eto amin'ny tany maina sy mangentana tsy misy rano.
2 Izany no ijereko Anao ao amin'ny fitoerana masina, mba hahitako ny herinao sy ny voninahitrao.
3 Fa tsara noho ny aina ny famindramponao; ny molotro dia hidera Anao.
4 Izany no hisaorako Anao raha mbola velona koa aho ; amin'ny anaranao no hanandratako ny tanako.
5 Toy ny voky tsoka sy tavy no hahavokisan'ny fanahiko ary amin'ny molotra ravoravo no hideran'ny vavako Anao.
6 Rehefa mahatsiaro Anao eo am-pandrianako aho dia mieritreritra Anao amin'ny fotoam-piambenana alina.
7 Fa famonjena ahy Ianao ary ao amin'ny aloky ny elatrao no hihobiako.
8 Mifikitra Aminao ny fanahiko; manohana ahy ny tananao ankavanana.
9 Fa ireny dia mitady ny aiko ka mampidi-doza amin'ny tenany ; hiditra any ambanin'ny tany izy ;
10 hatolotra ho amin'ny herin'ny sabatra izy ; ho anjaran'ny amboahaolo izy.
11 Fa ny mpanjaka dia hifaly amin'Andriamanitra ; ho ravoravo izay rehetra mianiana aminy, fa hakombona ny vavan'izay rehetra mandainga.

## PSAUME 63 (PDV)

*1 Psaume de David, quand il était dans le désert de Juda.*
*2 Ô Dieu, c'est toi mon Dieu, je te cherche. Mon cœur a soif de toi, mon corps a besoin de toi comme une terre sèche, assoiffée, sans eau.*
*3 Oui, longtemps je t'ai regardé dans le lieu saint, j'ai vu ta puissance et ta gloire.*
*4 Ton amour vaut mieux que la vie. Ma bouche chantera ta louange.*
*5 Toute ma vie, je te dirai merci et je lèverai les mains pour rendre gloire à ton nom.*
*6 Mon cœur goûtera le bonheur comme une nourriture délicieuse. Ma bouche pleine de joie chantera ta louange.*
*7 Quand je suis couché, je me souviens de toi, pendant des heures, je pense à toi.*
*8 Oui, tu viens à mon aide, je crie de joie à l'ombre de tes ailes.*
*9 Je suis attaché à toi de tout mon cœur, ta main puissante me soutient.*
*10 Ceux qui cherchent à m'enlever la vie, qu'ils descendent jusqu'au fond de la terre !*
*11 Qu'on les tue avec des lances ! Que les chacals les dévorent !*
*12 Le roi trouvera sa joie en Dieu. Celui qui fait un serment au nom de Dieu pourra être fier. Oui, la bouche des menteurs restera fermée.*

## JEREMIA 20 : 7 - 9 (MRV)

**Mitaraina amin'Andriamanitra i Jeremia fa tsy vitany intsony**
7 TOMPO ô, notaominao aho ka voataona ; nosamborinao aho ka resinao;;tonga fihomehezana mandritra ny andro aho ; izy rehetra dia maneso ahy.
8 Fa na oviana na oviana no itenenako dia tsy maintsy mitaraina aho, eny, miantso aho hoe: Loza sy fandravana ! Fa ny tenin'NY TOMPO dia atao fanakorana sy fihomehezana ahy isanandro.
9 Raha hoy aho : Tsy hanonona Azy intsony aho na hiteny amin'ny anarany intsony, dia tonga toy ny afo mirehitra ato am-poko izany, voahidy ato amin'ny taolako ary sasatra ny miaritra aho ka tsy mahazaka.

## JEREMIE 20 : 7 - 9 (PDV)

***Jérémie se plaint à Dieu***

*7 Seigneur, tu m'as trompé, et je me suis laissé tromper. Tu m'as pris de force et tu as été le plus fort. Chaque jour, les gens rient de moi, tout le monde se moque de moi.*
*8 Chaque fois que je dois parler, je dois crier et annoncer : « Violence et destruction ! » Oui, chaque jour, à cause de la parole du Seigneur, les gens m'insultent et se moquent de moi.*
*9 Je me dis alors : « Je ne penserai plus au Seigneur, je ne parlerai plus de sa part. » Mais tout au fond de moi, il y a comme un feu qui me brûle. Je me fatigue pour être plus fort que lui, et je n'y arrive pas.*

**ROMANA 12 : 1 - 2 (MRV)**

1 Koa amin'izany, mangataka aminareo aho, ry rahalahy, noho ny famindrampon'Andriamanitra, mba hatolotrareo ny tenanareo ho fanatitra velona, masina, ankasitrahan'Andriamanitra ; fanompoam-pivavahana tsara hataonareo izany.
2 Aza manaraka ny fanaon'izao tontolo izao; fa miovà amin'ny fanavaozana ny saina, mba hamantaranareo ny sitrapon'Andriamanitra, dia izay tsara sady ankasitrahana no tanteraka.

**ROMAINS 12 : 1 - 2 (PDV)**

*1 Frères et sœurs chrétiens, Dieu est plein de bonté pour nous. Alors, je vous demande ceci : offrez-lui votre personne et votre vie, c'est le sacrifice réservé à Dieu et qui lui plaît. Voilà le vrai culte que vous devez lui rendre.*
*2 Ne suivez pas les coutumes du monde où nous vivons, mais laissez Dieu vous transformer en vous donnant une intelligence nouvelle. Ainsi, vous pourrez savoir ce qu'il veut : ce qui est bon, ce qui lui plaît, ce qui est parfait.*

**MATIO 16 : 21 – 27 (MRV)**

**Ambaran'i Jesosy ny hahafatesany sy ny hitsanganany amin'ny maty**

21 Hatramin'izay andro izay no nanombohan'i Jesosy naneho tamin'ny mpianany fa tsy maintsy hankany Jerosalema Izy ka hampijaly Azy mafy ny loholona sy ny lehiben'ny mpisorona ary ny mpanoradalàna, dia hovonoina Izy ary hatsangana amin'ny andro fahatelo.
22 Ary nitondra Azy nihataka kely i Petera ka niteny Azy mafy hoe: Sanatria Aminao izany, Tompoko! Tsy ho Aminao mihitsy izany.
23 Fa Izy nihodina ka niteny tamin'i Petera hoe : Mankanesa ato ivohoko, ry Satana; fandrika ho Ahy ianao, satria tsy misaina izay an'Andriamanitra ianao, fa izay an'ny olona.

**Ny fomba fanarahana an'i Jesosy**

24 Dia hoy Jesosy tamin'ny mpianany : Raha misy olona ta hanaraka Ahy dia aoka izy handa ny tenany sy hitondra ny hazofijaliany ka hanaraka Ahy.
25 Fa na iza na iza no ta hamonjy ny ainy dia hahavery azy; ary na iza na iza no hahavery ny ainy noho ny Amiko dia hahazo izany.
26 Fa inona moa no soa ho azon'ny olona, raha mahazo izao tontolo izao izy, kanefa very ny ainy ? Ary inona moa no homen'ny olona ho takalon'ny ainy ?
27 Fa ho avy ny Zanak'Olona amin'ny voninahitry ny Rainy, miaraka amin'ny anjeliny, dia hamaly ny olona rehetra araka ny asany.

**MATTHIEU 16 : 21 – 27 (PDV)**

***Jésus annonce qu'il doit mourir et se réveiller de la mort***

*21 À partir de ce moment, Jésus-Christ commence à annoncer clairement à ses disciples : « Il faut que j'aille à Jérusalem. Je vais beaucoup souffrir à cause des anciens, des chefs des prêtres et des maîtres de la loi. Ils vont me faire mourir. Et le troisième jour, je me réveillerai de la mort. »*
*22 Alors Pierre prend Jésus à part et il se met à lui faire des reproches. Il lui dit : « Seigneur, que Dieu te protège ! Non, cela ne t'arrivera pas ! »*
*23 Mais Jésus se retourne et il dit à Pierre : « Va-t'en ! Passe derrière moi, Satan ! Tu es en train de me tendre un piège. En effet, tu ne penses pas comme Dieu, mais comme les hommes ! »*

***Comment suivre Jésus ?***

*24 Ensuite Jésus dit à ses disciples : « Si quelqu'un veut venir avec moi, il ne doit plus penser à lui-même. Il doit porter sa croix et me suivre.*

*25 En effet, celui qui veut sauver sa vie la perdra. Mais celui qui perdra sa vie à cause de moi, la retrouvera.*
*26 Si une personne gagne toutes les richesses du monde, mais si elle perd sa vie, à quoi cela lui sert-il ? Qu'est-ce qu'on peut payer en échange de la vie ?*
*27 Oui, le Fils de l'homme va venir avec ses anges, dans la gloire de son Père. Alors il récompensera chacun selon ses actions.*